MDG-2015-L-100091
MDG-2014-R-100090



BIBLIOTHEQUE DU BIT. CH-1211 GENEVE 22

13/07/2015 13:34:41

Title: Gazetim-panjakan' ny repoblika malagasy. Journal officiel de la republique democratique de Madagasca

Component: Gazetim-panjakan' ny repoblika malagasy. Jour

Issue: <N/A>

60452

AN' NY
SIKARA
MADAGASCAR

MISEHO NY ALATSINAINY ISAN-KERINANDRO

## FIZARANA VOALOHANY

LALANA SY DIDIM-PANJAKANA
ARY DIDIM-PITONDRANA

**Fizarana voalohany** : Lalàna sy didim-panjakana ary didim-pitondrana

**Fizarana faharoa** : Filazana ofisialy, fitaomana hanao tolo-bidy ary fampandrenesana araka ny lalàna

**Fizarana fahatelo** : Fangatahana momba ny fananantany.

**Vidin' ny laharana iray**

| | Ariary |
|---|---|
| Fizarana voalohany | 1 035 |
| Fizarana faharoa | 900 |
| Fizarana fahatelo | 85 |

...RE PARAISSANT LE LUNDI

## PREMIERE PARTIE

LOIS , DECRETS ET ARRETES

**Première partie** : Lois, décrets et arrêtés

**Deuxième partie** : Avis officiels, appel d'offres et annonces légales

**Troisième partie** : Réquisitions domaniales

**Prix du numéro**

| | Ariary |
|---|---|
| Première partie | 1 035 |
| Deuxième partie | 900 |
| Troisième partie | 85 |

## FOTOPOTONY

## SOKAJY OFISIALY

## REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

### FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

Pejy

*10 septambra 2014.* – Fanapahana laharana faha-24-HCC/D3 mikasika ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-019 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin' ny lalàna fehizoro laharana faha-2007-039 tamin' ny 14 janoary 2008, novàna sy nofenoin' ny lalàna fehizoro laharana faha-2011-006 tamin' ny 1 aogositra 2011 mikasika ny Filankevitra Ambonin' ny Mpitsara .......... 1173

*28 janoary 2015.* – Fanapahana laharana faha-08-HCC/D3 mikasika ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-034 anovàna ny fepetra sasantsasany ao amin' ny hitsivolana laharana faha-2014-001 amerana ny fitsipika momba ny fampandehanana ny Antenimierampirenena ..... 1174

*4 febroary 2015.* – Fanapahana laharana faha-10-HCC/D3 mikasika ny lalàna laharana faha-2015-001 mikasika ny Filankevitra Ambony ho amin' ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna .......... 1176

*4 febroary 2015.* – Fanapahana laharana faha-11-HCC/D3 mikasika ny lalàna laharana faha-2015-006 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin' ny lalàna laharana faha-2012-011 tamin' ny 13 aogositra 2012 anaovana ny Fehezan-dalàna Malagasy momba ny Fifamoivoizana an' habakabaka Sivily .......... 1178

### FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**Lalàna**

*12 septambra 2014.* – Lalàna fehizoro laharana faha-2014-019 anovàna sy amenoana ny fepetra sasantsasany amin' ny lalàna fehizoro laharana

## SOMMAIRE

## PARTIE OFFICIELLE

## REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

### HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

Pages

*10 septembre 2014.* – Décision n° 24-HCC/D3 concernant la loi organique n° 2014-019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n° 2007-039 du 14 janvier 2008, modifiée et complétée par la loi organique n° 2011-006 du 1er août 2011 relative au Conseil Supérieur de la Magistrature .......... 1173

*28 janvier 2015.* – Décision n° 08-HCC/D3 concernant la loi organique n° 2014-034 modifiant certaines dispositions de l'ordonnance n° 2014-001 fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée Nationale .......... 1174

*4 février 2015.* – Décision n° 10-HCC/D3 concernant la loi n° 2015-001 relative au Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit .......... 1176

*4 février 2015.* – Décision n° 11-HCC/D3 concernant la loi n° 2015-006 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n° 2012-011 du 13 août 2012 portant Code Malagasy de l'Aviation Civile .......... 1178

### PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

**Lois**

*12 septembre 2014.* – Loi organique n° 2014-019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n° 2007-039 du 14 janvier

And. 3. - Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' ity lalàna fehizoro ity.

And. 4. - Havoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika ity lalàna fehizoro ity.

Hotanterahina izany fa lalàna fehizoron' ny Fanjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, ny 9 febroary 2015.

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial.

---

## LALANA LAHARANA FAHA-2015-001
## mikasika ny Filankevitra ambony ho amin' ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna

Ny Antenimierampirenena dia nandany tamin' ny fivoriana nataony ny 19 janoary 2015,

Ny Filohan' ny Repoblika ,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha-10-HCC/D3 tamin' ny 4 febroary 2015 nataon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

### LOHATENY VOALOHANY.
### Fepetra ankapobeny

Andininy voalohany. – Ity lalàna ity no mametra ny anjara raharaha, ny ho anisany; ny fandaminana ary ny fampandehanan-draharahan' ny Filankevitra Ambony ho amin' ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna na *HCDDED.*

And. 2. – Ny *HCDDED* dia rantsa-mangaika araka ny Lalàmpanorenana mahaleotena misitraka ny fizakan-tena ara-pitondran-draharaha sy fitantanam-bola.

Manana ny foiben-toerany ao Antananarivo izy.

### LOHATENY II
### Anjara raharaha

And. 3. – Araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-43 ao amin' ny Lalàmpanorenana, ny Filankevitra Ambony ho amin' ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna dia manana andraikitra amin' ny fijerena ny fanajana ny toetra fototra amin' ny fahefana, ny demokrasia ary ny fanajana ny Fanjakana tan-dalàna, ny fanaraha-maso sy ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ny zon' olombelona.

And. 4. – Amin' izany sehatra izany, ny *HCDDED* dia mitandro indrindra :

- ny fanajana araka ny tokony ho izy ny soatoavina demokratika sy ny toetra fototra;
- ny fampiroboroboana ary ny fiarovana ireo zo fototra;
- ny fanajana ny Fanjakana tan-dalàna sy ny fitantanana mahomby;
- ny famolavolana ireo fameperana ilaina any amin' ny Andrim-panjakana rehetra, antokon-draharaha rehetra na vondrona rehetra miankina na tsy miankina amin' ny Fanjakana ao anatin' ny sehatrasa sahanin' ny anjara raharahany.

### LOHATENY III
### Ny ho anisany

And. 5. – Ny *HCDDED* dia ahitana mpikambana 9 izay fantan-daza eto amin' ny Firenena noho ny fahamarinany, ny fahaiza-manaony ary ny traikefa ananany amin' ny sehatra manavanana mahaliana ny *HCDDED*, ka :

1. Olo-manan-kaja iray tendren' ny Filohan' ny Repoblika.
2. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Antenimierandoholona;
3. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Antenimierampirenena;
4. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
5. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Fitsarana Tampony amin' ny Fivoriambe;
6. Olo-manan-kaja iray fidian' ireo antokon-draharaha na fikambanana mitsangana ara-dalàna miasa ho amin' ny demokrasia ary/na ny Fanjakana tan-dalàna;

Art. 3. - Sont et demeurent abrogées toutes les dispositions antérieures contraires à la présente loi organique.

Art. 4. - La présente loi organique sera publiée au Journal officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi organique de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 9 février 2015.

A00091 RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial.

---

## LOI N° 2015-001
## relative au Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 19 janvier 2015,

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Vu la décision n° 10-HCC/D3 du 4 février 2015 de la Haute Cour Constitutionnelle,

Promulgue la loi dont la teneur suit :

### TITRE PREMIER
### Dispositions générales

Article premier. - La présente loi fixe les attributions, la composition, l'organisation et le fonctionnement du Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit ou HCDDED.

Art. 2. - Le HCDDED est un organe constitutionnel indépendant jouissant de l'autonomie administrative et financière.

Il a son siège à Antananarivo.

### TITRE II
### Attributions

Art. 3. - Conformément aux dispositions de l'article 43 de la Constitution, le Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit a pour mission d'observer le respect de l'éthique du pouvoir, de la démocratie et du respect de l'Etat de droit, de contrôler la promotion et la protection des droits de l'homme.

Art. 4. - Dans ce cadre, le HCDDED veille notamment :

- au respect effectif des valeurs démocratiques et de l'éthique;
- à la promotion et à la protection des droits fondamentaux;
- au respect de l'Etat de droit et de la bonne gouvernance;
- à formuler toute recommandation utile à toute Institution, tout organisme ou toute entité publique ou privée dans le cadre de ses domaines d'attributions.

### TITRE III
### Composition

Art. 5. - Le HCDDED est composé de 9 membres reconnus sur le plan national pour leur intégrité, leur compétence et leurs expériences dans une discipline intéressant le HCDDED, dont :

1. Une personnalité désignée par le Président de la République;
2. Une personnalité élue par le Sénat;
3. Une personnalité élue par l'Assemblée Nationale;
4. Une personnalité élue par la Haute Cour Constitutionnelle;
5. Une personnalité elue par la Cour Suprême réunie en Assemblée générale;
6. Une personnalité élue par les organisations ou associations légalement constituées œuvrant pour la démocratie et/ou l'Etat de droit;

7. Olo-manan-kaja iray avy amin' ireo antokon-draharaha na fikambanana ho amin' ny fiarovana ny zon' olombelona fidian' ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena momba ny Zon' olombelona *(CNIDH)*.
8. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Holafitry ny Mpanao gazety;
9. Olo-manan-kaja iray fidian' ny Holafitry ny Mpisolovava.

Ny fe-potoam-piasan' ireo mpikambana ao amin' ny *HCDDED* dia dimy taona tsy azo havaozina. Ny fombafomba fifidianana, ho an' ny vondrona tsy fehezin' ny fitsipika anatiny, dia ferana amin' ny alàlan' ny didy amam-pitsipika. Ny mpikambana tsirairay ao amin' ny *HCDDED* dia tendren' ny vondrona niaviany avy an-tsoratra amin' ny fomba ofisialy. Ny fanendrena sy ny fifidianana dia zahana fototra amin' ny alàlan' ny didim-panjakana ataon' ny Filohan' ny Repoblika.

And. 6. – Ny *HCDDED* dia rantsa-mangaika mahaleotena. Ireo mpikambana ao aminy dia miasa ao anaty fahaleovantena tanteraka, ary tsy azo enjehina, karohina, samborina, tazomina am-ponja na tsaraina noho ireo hevitra navoakan' izy ireo na noho ireo asa ataon' izy ireo eo am-panatanterahana ny andraikiny.

And. 7. – Ny tsy fisian' ny fanendrena ny solontena noho ny tsy fanoloran' ny vondrona niaviany dia tsy ho sakana amin' ny fananganana ny *HCDDED* sy ny fampandehanana izany araka ny tokony ho izy sy ara-dalàna.

LOHATENY IV

**Fandaminana**

And. 8. – Ny biraon' ny *HCDDED* dia ahitana :
- Filoha iray;
- Filoha lefitra iray;
- Mpampakateny ambony iray.

Ho fanampiana azy, ny birao dia manana Sekretaria mpanatanteraka iray.

And. 9. – Ny mpikambana ao amin' ny Birao dia fidian' ireo sy amin' ireo mpikambana ao amin' ny *HCDDED* mandritra ny fivoriana voalohany izay nampiantsoan' ny zokiolona.

Ny Filoha dia fidiana amin' ny antsasa-manilan' ny vato amin' ny fihodinana voalohany ary amin' ny vato be indrindra amin' ny fihodinana faharoa. Ny Filoha-lefitra sy ny Mpampakateny ambony dia fidiana amin' ny vato be indrindra.

And. 10. – Raha misy ny fahabangan-toerana mialoha ny enimbolana hiafaran' ny fe-potoam-piasana, ny Filohan' ny Filankevitra Ambony dia mampahafantatra avy hatrany ny vondrona niavian' ny mpikambana voakasika, izay manatanteraka ny fanoloana araka ny fepetra mitovy voalazan' ny andininy faha-5 amin' ity lalàna ity ao anatin' ny 30 andro. Ny mpikambana vaovao dia mamarana ny fe-potoam-piasan' ilay nosoloiny.

And. 11. – Raha toa ny fahabangan-toerana ka mahakasika ny Filohan' ny Filankevitra Ambony, dia tanterahina aloha ny fanendrena na ny fifidianana ny solony izay ataon' ny vondrona niaviany, mialohan' ny fifidianana ny Filoha vaovao ao anatin' ny valo andro manaraka.

And. 12. – Ny fepetra sy fombafomba fanomezana ireo tambinkarama ho an' ireo mpikambana ao amin' ny Filankevitra Ambony dia faritana amin' ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo amin' ny Filankevitry ny Minisitra.

LOHATENY V

**Fampandehanan-draharaha**

And. 13. – Ny *HCDDED* dia azon' izay rehetra olona mahita fototra ny tsy fanajana ireo feni-kevitra demokratika sy ireo fitsipi-

7. Une personnalité issue des organisations ou associations pour la défense des droits de l'homme élue par la Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH);
8. Une personnalité élue par l'Ordre des Journalistes;
9. Une personnalité élue par l'Ordre des Avocats.

Le mandat des membres du HCDDED est de cinq ans non renouvelable. Les modalités d'élection, pour les entités non régies par un règlement intérieur, sont fixées par voie règlementaire. Chaque membre du HCDDED est désigné officiellement par écrit par l'entité concernée. La désignation et les élections sont constatées par décret du Président de la République.

Art. 6. - Le HCDDED est un organe indépendant. Ses membres travaillent en toute indépendance, et ne peuvent être poursuivis, recherchés, arrêtés, détenus ou jugés à l'occasion des opinions qu'ils émettent ou des actes qu'ils accomplissent dans l'exercice de leurs fonctions.

Art. 7. - L'absence de désignation de représentant due au défaut de proposition par l'entité source ne saurait constituer un obstacle à la constitution du HCDDED et à son fonctionnement normal et régulier.

TITRE IV

**Organisation**

Art. 8. - Le bureau du HCDDED comprend :
- un Président;
- un Vice-président;
- un Rapporteur général.

Pour l'assister, le bureau dispose d'un Secrétariat exécutif.

Art. 9. - Les membres du Bureau sont élus par et parmi les membres du HCDDED lors de la première réunion convoquée par le doyen d'âge.

Le Président est élu à la majorité absolue au premier tour et à la majorité simple au second tour. Le Vice-Président et le Rapporteur général sont élus à la majorité simple.

Art. 10. - En cas de vacance de siège intervenant avant les six mois de la fin de mandat, le Président du Haut Conseil en avise immédiatement l'entité dont est issu le membre concerné, laquelle procède au remplacement dans les mêmes conditions prévues par l'article 5 de la présente loi dans un délai de 30 jours. Le nouveau membre termine le mandat de son prédécesseur.

Art. 11. - Dans le cas où la vacance concerne la présidence du Haut Conseil, il est d'abord procedé à la désignation ou à l'élection de son remplaçant par l'entité dont il est issu, avant l'élection du nouveau Président dans les huit jours qui suivent.

Art. 12. - Les conditions et modalités d'attribution des indemnités allouées aux membres du Haut Conseil sont déterminées par décret pris en Conseil des Ministres.

TITRE V

**Fonctionnement**

Art. 13. - Le HCDDED peut être saisi par toute personne constatant le non-respect des principes démocratiques et des règles

dalàna ataon' ny Andrim-panjakana na vondrona miankina na tsy miankina amin' ny Fanjakana ampakarana raharaha. Ny *HCDDED* dia tsy maintsy manisy tohiny an-tsoratra izany fampakaran-draharaha rehetra izany.

And. 14. – Ny *HCDDED* dia tsy maintsy manao ny fampakaran-draharaha, fampahafantarana sy/na fitoriana amin' ny Andrim-panjakana na vondrona voakasika izay rehetra fihetsika mifanohitra amin' ny fepetra voalazan' ny andininy faha-3 voalaza etsy ambony. Mitondra ny fanohanany ihany koa izy amin' ny ezaka atao ho an' ny fanajana ny toetra fototra.

Ny *HCDDED* dia afaka manao ihany koa ny fameperana rehetra miaraka amin' ny fepetra mivaingana sy tetiandro, amin' ny Andrim-panjakana rehetra na rafitra voalaza.

And. 15. – Ny *HCDDED* dia manangona ny vaovao rehetra na tahirin-kevitra rehetra izay heveriny fa ilaina amin' ny fanatanterahana ny asany.

And. 16. – Ny *HCDDED* dia mitandro ny fiarovana ny niaviany. Toy izany ihany koa, tsy misy fanamarihana ahafahana mamantatra ireo olona ka ny anarana izay tokony ho lazaina dia tsy tokony ho hita ao amin' ny tahirin-kevitra navoaka ampahibemaso.

And. 17. – Raha toa ny *HCDDED* ka mangataka izany, ny rafitra mahefa dia manome toromarika ny firaisan-draharaha mpanara-maso mba hanatanteraka ny fanamarihana rehetra na famotorana. Mampahafantatra azy ny tohin' izany fangatahany izany izy. Ny fampakaran-draharaha ataon' ny rantsa-mangaika fanaraha-maso iray dia zary fanalana ny *HCDDED* amin' ny andraikiny.

And. 18. – Ny *HCDDED* dia azon' ny Praiminisitra hakana hevitra momba ireo volavolan-dalàna tafiditra ao anatin' ny seham-pahefany. Azon' ny Filohan' ny Antenimierampirenena na ny Filohan' ny Antenimierandoholona na ny manam-pahefana rehetra eo an-toerana hakàna hevitra ihany koa izy momba ny raharaha rehetra miankina amin' ny seha-pahefany.

And. 19. – Afaka manapa-kevitra ihany koa izy ny amin' ny fitarihana samirery ny fandinihana rehetra tafiditra ao anatin' ny seha-pahefany. Afaka araka izany miantso vondrona hafa miankina na tsy miankina amin' ny Fanjakana na olo-manan-kaja fanta-daza ka ny fanampiany dia heveriny fa ilaina izy.

Aorian' izany fandinihana izany, ny *HCDDED* dia afaka manao ny fameperana amin' ny fanovàna ny lalàna na fitsipika izay heveriny fa ilaina.

And. 20. – Ny *HCDDED* dia tsy afaka mirotsaka an-tsehatra manoloana ny antokom-pitsarana rehetra afa-tsy ny amin' ny fanafainganana ny paikady efa natomboka. Tsy azony atao mihitsy ny manakiana ny fahamarinam-pototry ny didim-pitsarana, na manao ahoana na manao ahoana.

LOHATENY VI

**Fitantanan-draharaha sy fitantanam-bola**

And. 21. – Ny sora-bola ilaina amin' ny fampandehanana ny *HCDDED* dia laharan' ny Filohany sy ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mamarana araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Filohan' ny *HCDDED*.

Ny fanomezana amin' ny ankapobeny mifandraika amin' izany dia ampidirina amin' ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny sora-bola ao amin' ny tetibolan' ny *HCDDED* dia tsinjaraina ary misokatra amin' ny alàlan' ny fanapahan-kevitry ny mpikambana ao aminy.

Ny fandaniana momba ny fampandehanan-draharaha dia atao araka ny fenì-kevitra sy fitsipika ara-tetibola sy ny fitànan-kaonty ny fitànan-kaontim-panjakana.

de droit par une Institution ou entité publique ou privée. Le HCDDED est tenu de donner suite par écrit à toute saisine.

Art. 14. - Le HCDDED a l'obligation de saisir, de signaler et/ou dénoncer à l'Institution ou à l'entité mise en cause tout comportement contraire aux dispositions de l'article 3 suscité. Il leur apporte aussi son appui aux efforts fournis pour le respect de l'éthique.

Le HCDDED peut également formuler toute recommandation assortie de mesures concrètes et d'un calendrier, à toute Institution ou instance mise en cause.

Art. 15. - Le HCDDED recueille toute information ou tout document qu'il juge utile pour l'exécution de sa mission.

Art. 16. - Le HCDDED veille à la protection de ses sources. De même, aucune mention permettant l'identification des personnes dont le nom aurait été rélévé ne doit figurer dans les documents publiés.

Art. 17. - Si le HCDDED en fait la demande, les instances compétentes donnent instruction aux corps de contrôle d'accomplir toutes vérifications ou enquêtes. Elles l'informent des suites données à cette demande. La saisine d'un organe de contrôle vaut dessaisissement du HCDDED.

Art. 18. - Le HCDDED peut être consulté par le Premier Ministre sur tout projet de loi intervenant dans son champ de compétence. Il peut également être consulté par le Président de l'Assemblée Nationale ou le Président du Sénat ou par toute autorité locale sur toute question relevant de son domaine de compétence.

Art. 19. - Il peut également décider de mener de lui-même toute étude rentrant dans son domaine de compétence. Il peut alors faire appel à d'autres entités publiques ou privées ou à des personnalités reconnues dont le concours lui paraît utile.

A l'issue de cette étude, le HCDDED peut recommander de procéder aux modifications législatives ou réglementaires qui lui apparaissent utiles.

Art. 20. - Le HCDDED ne peut intervenir devant toute juridiction que pour accélérer le cours d'une procédure engagée. En aucun cas, il ne peut remettre en cause le bien-fondé d'une décision de justice.

TITRE VI

**Gestion administrative et financière**

Art. 21. - Les crédits nécessaires au fonctionnement du HCDDED sont arrêtés conjointement par son Président et le Ministre chargé des Finances et du Budget sur proposition du Président du HCDDED.

La dotation globale correspondante est incorporée au projet de loi de finances.

Les crédits du budget du HCDDED sont répartis et ouverts par délibération de ses membres.

Les dépenses de fonctionnement sont engagées conformément aux principes et règles budgétaires et comptables de la comptabilité publique.

And. 22. – Ny *HCDDED* dia tsy maintsy manolotra kaontim-pitondran-draharaha amin' ny taom-piasana lasa miaraka amin' ireo singan-taratasy fanamarinana ny fandaniana any amin' ny Fitsarana momba ny Kaonty alohan' ny voalohan' ny volana marsa amin' ny taona manaraka.

LOHATENY VII

**Fepetra samihafa sy farany**

And. 23. – Ny *HCDDED* dia manao tatitra isan-taona momba ny asa aman-draharaha vitany izay vakiana ampahibemaso ao amin' ny Antenimierampirenena mandritra ny fotoam-pivoriana voalohan' ny Parlemanta ary avoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

Ny dika mitovy amin' izany tatitra izany dia alefa amin' ireo Lehiben' ny Andrim-panjakana.

And. 24. – Ny fepetra rehetra voalazan' ity lalàna ity dia ho faritana mazava tsara amin' ny alàlan' ny Fitsipika anatiny nolaniana tao anatin' ny roa (2) volana aorian' ny nandraisan' ireo mpikambana ao amin' ny *HCDDED* ny asany.

Hisy rijan-teny fampiharana raisina, raha ilaina, ho fampiharana ity lalàna ity.

And. 25. – Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-4 sy faha-6 amin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran' ny isam-batan' olona, ity lalàna ity dia manan-kery raha vantany vao ampy tsara ny fampahafantarana ny besinimaro indrindra amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo na atao peta-drindrina ankoatra ny famoahana azy amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

And. 26. – Ity lalàna ity dia havoaka amin' ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, ny 12 febroary 2015.

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial.

---

Art. 22. - Le HCDDED est tenu de présenter un compte administratif de l'exercice écoulé accompagné des pièces justificatives des dépenses auprès de la Cour des Comptes avant le 1er mars de l'année qui suit.

TITRE VII

**Dispositions diverses et finales**

Art. 23. - Le HCDDED dresse un rapport annuel de ses activités qui sera lu publiquement à l'Assemblée Nationale lors de la première session du Parlement et publié au Journal officiel de la République.

Une copie de ce rapport est adressée aux Chefs d'Institution.

Art. 24. - Les dispositions de la présente loi seront précisées par le Règlement intérieur adopté dans les deux (2) mois suivant la prise de fonction des membres du HCDDED.

Des textes d'application seront pris, en tant que de besoin, pour l'application de la présente loi.

Art. 25. - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente loi entre en vigueur dès qu'elle aura reçu une publicité suffisante notamment par une émission radio diffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République.

Art. 26. - La présente loi sera publiée au Journal officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 12 février 2015.

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial.

---

**LALANA LAHARANA FAHA-2015-006**

**manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin' ny lalàna laharana faha-2012-011 tamin' ny 13 aogositra 2012 anaovana ny Fehezan-dalàna Malagasy momba ny Fifamoivoizana an' habakabaka Sivily**

Ny Antenimierampirenena no nandany tamin' ny fotoam-pivoriana nataony ny 22 janoary 2015,

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana.

Araka ny fanapahana laharana faha-11-HCC/D3 tamin' ny 4 febroary 2015 nataon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

Dia mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

Andininy voalohany. – Ny fepetra voalazan' ny andininy L.1.2.1-1, L1.2.2.-1, L1.2.2-2, L1.2.2.-3, L.1.3.2-1, L.1.3.3-1, L.1.3.3-2, L.1.3.3-3, L.1.5.2-2 ao amin' ny lalàna laharana faha-2012-011 tamin' ny 13 aogositra 2012 anaovana ny Fehezan-dalàna malagasy momba ny fifamoivoizana an' habakabaka sivily dia ovàna sy fenoina; ary ny an' ny voalazan' ny andininy L.1.2.1.-3, L.1.4.1-4 ary L.1.4.1-5 dia ampidirina indray arak' izao manaraka izao :

**LOI N° 2015-006**

**modifiant et complétent certaines dispositions de la loi n° 2012-011 du 13 août 2012 portant Code Malagasy de l'Aviation Civile.**

L' Assemblée nationale a adopté en sa séance du 22 janvier 2015,

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Vu la décision n° 11-HCC/D3 du 4 février 2015 de la Haute Cour Constitutionnelle,

Promulgue la loi dont la teneur suit :

Article premier. – Les dispositions des articles L.1.2.1-1, L1.2.2.-1, L1.2.2-2, L1.2.2.-3, L.1.3.2-1, L.1.3.3-1, L.1.3.3-2, L.1.3.3-3, L.1.5.2-2 de la loi n° 2012-011 du 13 août 2012, portant Code malagasy de l'aviation civile sont modifiées et complétées; et celles des articles L.1.2.1.-3, L.1.4.1-4 et L.1.4.1-5 sont nouvellement insérées ainsi qu'il suit :